MORARANO CHROME : FAKANA AN-KERINY 4

# RAIKITRA NY FIFANDONANA, JIOLAHY 4 MATY VOATIFITRA

MARINA IZANY ! 3

RANO...LAVA !

MASOIVOHO MALAGASY ANY PARIS


## HITOKONA NY MPIASA, MITAKY NY FANESORANA NY MPANOLOTSAINA VOALOHANY 3


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7513 Taona faha-24 **Vidiny: 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 06 martsa 2023


CAN 2024 7



## NANDÀ TSY HILALAO I ABEL ANICET

"TSAPAHEVITRA" NATAON'NY MPIANATRA-MAHAJANGA 3

# RATSY TOERANA IREO MPANAO POLITIKA SASANY HEVERINA HO MALAZA NA HO KANDIDÀ

TOLIARA 8



# MIAKATRA NY RENIRANON'I FIHERENA, DIBO-DRANO NY TANANÀ

BLACK NADIA 2

## NAMOAKA HIRA VAOVAO "AMPY IZAY" HATOLOTRA HO AN'NY VEHIVAVY REHETRA

ANKAZOBE 4

## LEHILAHY TELO ANDRO TSY HITA, MATY AN-DRANO





Black Nadia

# Namoaka hira vaovao "Ampy izay" hatolotra ho an'ny vehivavy rehetra

*Mitory ny herisetra atao amin'ny vehivavy izy io.*

Hankalazaina amin'ny alarobia ho avy izao ny andro maneran-tany ho an'ny vehivavy. Manoloana izay indrindra dia namoaka hira vaovao be i Black Nadia, miresaka momba ny vehivavy sy ny fampijaliana atao azy ireny. Nampitondrainy ny lohateny hoe « Ampy izay » io hira io. Hira iray mihetsiketsika izay mitory ny herisetra atao amin'ny vehivavy izy io. Ny lehilahy mihitsy eto no kendrena voalohany mba haheno izany, haheno ireo hafatra ampitaina ao anatin' ny hira. Ho an'ny vehivavy ihany koa anefa izany, indrindraindrindra, satria momba azy ireo ny zavatra resahina ao anatin'izany hira izany. Araka izany dia samy mahazo izay tandrifiny amin' ity hira ity avokoa na ny lahy na ny vavy. Na efa voizina foana aza ny hoe aoka izay ny herisetra atao amin'ny vehivavy, dia mbola hita fa manjaka eny amin'ny fiaraha-monina rehetra eny izany. Izany indrindra no mahatsara ny fisian'ny hira tahaka itony, mba hitondra fanentanana sy mba hanamafy ny hafatra hatrany ary dia iriana ny mba hisian'ny fiovàna eo amin'ny fomba fitondrana ny vehivavy na eo amin'ny fiaraha-monina izany, na ao an-tokantrano. Efa azo jerena any anaty fesiboky sy You tube eny moa ity hira ity amin'izao ary tsy ho ela dia ho re amin'ny haino sy jery hafa koa izany.



**Miantso firaisan-kina eo amin'ny samy vehivavy i Black Nadia.**

Tanya.R

Manjaka Ilafy - Fambolen-kazo

# Nampiray ny kolontsain'ny tanora an-tanandehibe sy ambanivohitra

Anisan'ny ezaky hotratrarin' ny Malagasy rehetra ny hanamaitso an'i Madagasikara. Amin'ny alalan'ny fambolenkaza ihany no ahafahana manatanteraka izany ary ny fiaraha-mientana no ainga ahavitana azy. Izany indrindra no anton'ny hetsika « Natiora Miranga) hanamaitso ny tanàna nokarakarain'ny MPL Madagascar (Mouvement Panafricain Des Leaders), tarihin'ny filohany Rapo Nichols Nakany Atalas ny asabotsy teo teny Manjaka Ilafy Avaradrano. Tsy nijanona fotsiny tamin'ny fambolena ny hetsika fa teo ihany koa ny fifanakalozan-kevitra sy fizarana traikefa ary indrindra ny fanomezana hasina ny kolontsaina. Mbola mitana izany ny tanora any Ambanivohitra, raha saika manadino azy ny ankamaroan'ny tanora an-drenivohitra, ka ity fotoana ity no nahafahana nampiray ireo tanora ireo. Tanora mihetsika anaty fikambanana maro avy aty Antananarivo Renivohitra no namaly ny antso ka anisan'izany ny avy ao amin'ny Hiranga, Ramjasy, tanora mpikirakira informatika sy ny robotika, tanora misehatra amin'ny angovo azo ahodina, mpisehatra amin'ny fizahan-tany sy ny fandraisam-bahiny, tanora mianatra ny asa fanaovangazety sy ny maro hafa. Fa anisan'ny nanaitra ny rehetra kosa ny fahatongavan'ny fikambanan'ny zaza varira eto Madagasikara teny an-toerana izay nanolo-tena hanamaitso an'i Madagasikara.



**Tsy nijanona fotsiny tamin'ny fambolena ny hetsika fa teo ihany koa ny fifanakalozan-kevitra sy fizarana traikefa.**

**Hazo fihinam-boa**

Zanakazo fihinam-boa moa ny 90 % tamin'ny zanakazo 1 300 novolena. Nampanarahana ny teknika fambolenkaza maoderina izy io ka ny avy ao amin'ny ONG Tany Soa no nizara ny traikefany tamin'izany. Nambaran'ny ben'ny tanàna any an-toerana fa hitondra fanovana lehibe eo amin'ny kaomina iadidiany ity fambolena hazo fihinam-boa ity, satria ankoatra ny fiarovany ny nofontany sy ny tontolo iainana dia afaka mioty sy mihinana ny vokatra sady mivarotra izany izy ireo hanampy ny vola miditra ao an-tokantrano. Tahaka ny ambanivohitra rehetra moa dia olana ho azy ireo ny lalana amin'ny fotoam-pahavaratra tahaka izao ary eo ihany koa ny vidim-bokatra izay ambany dia ambany.

Tiaray R

Sekoly Amberivatry Itaosy

# Nobaboin'ireo renim-pianakaviana ny mpampianatra vehivavy

Tamin'ny isa mavesatra 10 no ho 4 no nandresen'ireo renim-pianakaviana ireo ny mpanabe vehivavy tao Antanikatsaka Itaosy. Nifandona tamin'ny lalao ara-panatanjahantena baolina kitra tao an-toerana mantsy ireo renin'ny mpianatra ao amin'ny sekoly Hosana Amberivatry ao amin'ny kaomina Bemasoandro Itaosy sy ireo mpampianatra vehivavy. Niady ny lalao, ary hita ho saro-toerana ihany ireo mpianatra nanohana, satria samy olona akaiky ny fony avokoa na ny andaniny na ny ankilany. Ny iray mpampianatra mpanabe ary ny iray reny niteraka. Nahaliana ny maro ity lalao baolina kitra ity, satria tsy fahita firy izany hoe renim-pianakaviana sy mpampianatra mifampikatroka eny an-kianja izany. Indrindra fa vehivavy no resahina eto. Nandritra ny fankalazana ny fetin'ny sekoly ny herinandro lasa teo no nanatanteraka ity lalao ara-pirahavaviana ity ireto andriambavilanitra ireto.



**Ireo renim-pianakaviana nibata ny amboara tao Antanikatsaka.**

« *Mba miala kely amin'ny mahazatra izahay. Ilaina ihany koa ny mialavoly sady manao fanatanjahantena miaraka ny reny sy ny mpampianatra vehivavy. Izahay ireo mantsy no tena mifanerasera amin'ny mpianatra*», hoy Ramatoa Hortense, talen'ny sekoly, izay anisan' ny mpilalao baolina kitra mavitrika tao amin'ny ekipan' ny mpampianatra.

Mankalaza ny faha-10 taonany amin'ity taona ity ny sekoly Hosana, ka mbola maro ny hetsika karakarain' izy ireo hanamarihana izany.

Fy

HOTSAKOTSAKOINA

"Tsy ianao manome no isaina sy heverina, fa ny fitiavana nanampy no tiana hanterina."

Ny Vetso (15.11.13)

("Ce qui compte, ce n'est pas ce que l'on donne mais l'amour avec lequel on le donne." Mère Térésa/Religieuse)

Vict'art

# Manolotra fampirantiana momba ny vehivavy

Nisokatra nanomboka ny 01 marsta teo ary tsy hifarana raha tsy ny 17 aprily izao ny fampirantiana hataon'i Vict'art etsy amin'ny Ivonkolo Analakely. Mpanao sary hosodoko izy ary momba ny vehivavy sy ny tontolony no hanaovany fampirantiana amin'izao. « F'Ames Inistes » no lohateny nentiny amin'izao fampirantiana izao. Hasehoany amin'ny alalan'ireo asan-tanany fa misahana sehatra maro ny vehivavy ary manana ny lanjany eo amin'ny sehatra rehetra izay misy azy, ka tokony homena haja fa tsy hahilikilika na koa ho ambanimbaniana. Ao anatin'ny fankalazana ny andro manerantany ho an'ny vehivavy isika izao ka dia izay indrindra no antony nifidianany izao lohahevitra momba ny vehivavy izao. Sady varotra moa no fampirantiana no ataony ka dia azo atao tsara koa ny mividy ireo sangan'asany raha mitady fanomezana ho an'ny vehivavy amin'izao androny izao. Misokatra ho an'ny rehetra ny fampirantiana sady maimaimpoana ka dia antenaina fa ho maro isika no ho avy hijery izany.



**Miantso ny rehetra mba ho avy hijery ny fampirantiana izy.**

Tanya.R

Fikambanan'ny mpitsabo nentim-paharazana Malagasy

# Namboly zana-kazo fanao fanafody teny Ambohimanga Rova



**Nandritra ny fambolen-kazo niarahan'ny ANTM teny Ambohimanga Rova.**

Raikitra ny fambolena zava-maniry fanao fanafody notanterahin'ny fikambanam-pirenen'ny mpitsabo nentim-paharazana Malagasy ANTM sy ireo mpitazona ny fomba malagasy teny Ankazomalaza, Ambohimanga Rova ny sabotsy teo. Ravintsara, zakaranda, mandravasarotra, fanazava, sns… no nambolen'izy ireo tamin'izany. « *Enga anie ka ho rakotr'ala i Madagasikara, satria ny raviny hatao fanafody ary nivoaka avy ao amin'ny tany ny rano nambolena azy.* » hoy ny filoha nasionalin'ny ANTM, Josephin Andriandrainarivo. Notsiahivin' ity farany ihany koa fa manodidina ny 13 000 karazana ny zava-maniry fanao fanafody eto amintsika araka ny antontan' isa navoakan'ny manampahaizana, ka ny 80% "tokana amantany" na tsy misy raha tsy eto. Araka izany, manana ny maha izy na "identité" mampiavaka antsika ny tontolo eto. Nanentana mpiray tanindrazana mba hanatsahatra ny fanenjehana ny finoana sy ny fahasamihafana ihany koa ity farany. « *Aoka atsahana ny fanenjehana sy ny fanaratsiana ny finoan'ny hafa.*", hoy izy. Ankoatra izay, niantso ny rehetra mba tsy hanimba ny toerana masina, hanatsahatra ny vaky fasana sy ny halatra taolam-paty ary ny fanimbazimbana ny toerana masina ihany koa ireto mpitana ny fomban-drazana ireto.

Niry R.

"Tsapahevitra" nataon'ny mpianatra - Mahajanga

# Ratsy toerana ireo mpanao politika sasany heverina ho malaza na ho kandidà

*Ny fanontaniana voalohany dia fandaharana ireo mpanao pôlitika ireo arakaraka ny lazany, na ny fitiavan'ny olona azy, araka ny henony eny anivon'ny kartie misy azy.*

Toa tsy araka ny adihevitra pôlitika sy tsikera ataon'ny mpanao pôlitika mandeha etsy sy eroa akory ny fiheveran'ny olom-pirenena tsotra eo amin'ny fitiavany ny mpanao pôlitika sy ny safidy mety hataony rehefa ho tonga ny fifidianana. Raha tarafina amin'ny vokatry ny « tsapahevitra » andrana natao tao Mahajanga, tanàn-dehibe anisan'ny renivohi-paritany teo aloha teto Madagasikara, dia ratsy toerana ireo mpanao pôlitika sasany heverina ho malaza na ho kandidà amin'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika hotontosaina eto Madagasikara amin'ity taona ity. Tsapahevitra (sondage d'opinion) andrana no natao hahafantarana ny laza na ny fitiavan'ny olona (cote de popularité) ho an'ireo mpanao pôlitika malagasy, tamin'ny alalan'ny fanadihadiana ifotony nampanaovina ny mpianatra (master2) manaraka zotram-piofanana momba ny pôlitika eny amin'ny oniversite ao an-toerana. Tafiditra ao anatin'ny fanofanana sy fanazarana ny mpianatra izy ity, amin'izao volana maromaro alohan'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika izao. Voafetra ihany ny olona sy ny toerana nanaovana ny fanadihadiana, satria fohy ny fotoana. Noferana ny fanontaniana napetraka. Anarana maromaro no nampidirina hanontaniana, ahitana mpitondra ankehitriny sy teo aloha ary mpanao pôlitika hafa (minisitra teo aloha, olomboafidy…), izay heverina ho kandidà na anisan'ireo anarana malaza mandehandeha fa mety ho kandidà amin'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika hatao eto Madagasikara amin'ity taona ity. Ny olona nohatonina nametrahana fanontaniana dia voasokajy araka ny toeram-ponenany, ny asa fivelomany sy ny fari-piainany, ny sokajin-taonany, ary ny fiavahan'ny lehilahy sy ny vehivavy. Kartie vitsivitsy ihany no nanaovana ny fanadihadiana, ankoatra ireo natao tany ivelan'ny fokontany mahakasika ireo sokajy hafa volaza.

**Filaharana**

Ny fomba nametrahana ny fanontaniana dia nasaina nalahatry ny olona nanaovana fanadihadiana ireo anarana mpanao politika maromaro naroso azy, toy izany koa ny fanomezana ny fanazavana ny antony mifandraika amin'izany raha misy. Ny fanontaniana voalohany dia fandaharana ireo mpanao pôlitika ireo arakaraka ny lazany, na ny fitiavan'ny olona azy, araka ny henony eny anivon'ny kartie misy azy. Ny fanontaniana faharoa dia fandaharana ireo mpanao pôlitika ireo raha milatsaka hofidiana izy ireo, araka ny mety ho safidin'ny olona eny anivon'ny kartie misy azy, araka ny henony. Ny fanontaniana fahatelo dia fandaharana ireo mpanao pôlitika voalaza ireo araka ny fitiavan'ilay olona anaovana fanadihadiana. Ny fanontaniana fahefatra dia fandaharana ireo mpanao pôlitika ireo raha milatsaka hofidiana ho filohan'ny repoblika, araka ny mety ho safidin'ilay olona anaovana ny fanadihadiana.

**Tsy mitoko**

Ny azo tsoahina tamin'ilay « tsapahevitra » andrana io dia saika ratsy toerana ireo mpanao pôlitika heverina ho malaza na mety ho kandidà amin'ny fifidianana ho avy io. Ny filaharan'ireo mpanao pôlitika tsy ao anaty fitondrana ankehitriny no tena ratsy(iniana tsy lazaina eto moa ny anaran'izy ireo sy ny isa azony ary ny filaharany). Amin'ireo tafiditra laharana telo voalohany dia mbola misy elanelany be, ny sasany aza tsy mitoko mihitsy, na tsy hita tabilao (non classé) satria tsy nalahatry ny olona akory. Ny tao Mahajanga moa io fa tsy voatery hitovy tanteraka amin'izay kosa ny mety ho vokatry ny tsapahevitra raha atao any amin'ny toerana na tanàn-dehibe hafa.

**L.R.**

## Marina izany !

### Rano…lava !

**Manao rano…lava ny fisesin'ny andro ratsy, na ny rivodoza, mamely eto amintsika. Vao haingana teo no nandalo teto Madagasikara ilay rivodoza Freddy dia izao miverina izao indray. Tao anatin'ny andro vitsivitsy na maromaro izao dia tsy nitsahatra ny orana vokatr'io andro ratsy io. Raha ny fantatra dia hiverina hikasika an'i Madagasikara amin'iny tapany atsimo andrefana iny indray manomboka anio ilay rivodoza Freddy teo iny. Vokatr'izany dia miakatra ny renirano, ary efa dibo-drano ny tanànan'i Toliary. Tsy eto amintsika ihany fa any ivelany koa dia manao ranolava ny loza miteraka fahafatesan'olona maro. Iray amin'izany, ohatra, ilay lozam-pitaterana an-dalamby tao Gresy, andro vitsy lasa izao. Amin'izao fotoana izao dia manao ranolava ny fametraham-pialana, fitazonana sy fandefesana eny amin'ny fitsarana, ary fifonana ataon'ireo tompon'andraikitra ambony ao amin'ity firenena ity. Voalohany amin'izany, ny fametraham-pialan'ny minisitry ny fitaterana, izay narahin'ny fitazonana sy fanolorana amin'ny fitsarana ny Lehiben'ny gara iray, ary niafara amin'ny fifonan'ny Praiminisitra amin'ny fianakavian'ireo niharandoza. Fa raha iverenana kely ny zava-misy eto an-tanindrazana dia manao ranolava ihany koa ireo fanambarana sy fanehoan-kevitra samihafa. Samy manao izany na mpanao pôlitika, na avy amin'ny fiarahamonim-pirenena, na io mpomba ny fitondrana, na mpanohitra. Amin'ny ankapobeny dia mihodinkodina amin'ny resaka fifidianana sy fanomanana ny fifidianana izy ireny.**

Lucien Raharison

Masoivoho malagasy any Paris

# Hitokona ny mpiasa, mitaky ny fanesorana ny mpanolotsaina voalohany

Mizotra mankany amin'ny fikatsoana ny fampandehanana ny raharaha eo anivon'ny masoivoho malagasy any Paris. Araka ny fampahafantarana mitondra ny datin'ny zoma teo dia hitokona noho ny toetra afitsoky ny mpanolotsaina voalohany eo anivon'izany ireo mpiasa manomboka anio. Mitaky ny fanesorana io tomponandraikitra eo anivon'ny masoivoho malagasy any Paris io mihitsy ireo mpiasa ao anatin'izany. Araka ny fampahafantarana hatrany dia mitaraina ho iharan'ny fanararaotam-pahefana, fanambaniana, fandrahonana fampiatoana amin'ny asa tsy amin'ny antony ireo mpiasa ka tsy eken'izy ireo intsony izany. Manampy izany, tondroin'ireo mpiasa ho tsy mahafehy ny asa aman'andraikitra iantsorohany ihany koa ilay mpanolotsaina voalohany ao anatin'izany. Etsy andanin'izany, nijoro nanamarina ireo voatanisa ireo Rtoa Rinah Rakotomanga ary milaza ho manohana izao fitokonan'ny mpiasa izao. Ity farany izay efa nisahana andraikitra teo anivon'izany masoivoho malagasy any Paris izany.

**Mampihorohoro**

« *Tsy misy fanajana, tsy misy fahaizana fa entin'ny saina maniditsidina fotsiny sady tampohim-pahefana ka manambany olona, mampihorohoro, mampandainga olona, manalika ny hafa, manararao-pahefana, mandrahona ny rehetra satria hoe akaiky ny Filoha mivady. Dia izao notendren'ny Filoha izao foana no lazaina* », hoy Rtoa Rinah Rakotomanga tamin'izany. Na izany na tsy izany, fanontaniana manitikitika ny saina ao anatin'izany ny hoe : tena marina indray ve sa fandotoana fotsiny indray izao raharaha izao ? Mifanandrify amin'ny fanambaran'ny Filoham-pirenena momba ny hoe hanao laharam-pahamehana ny diplomasia malagasy sy fanendrena ambasadaoro hisolo tena antsika any ivelany ihany koa ilay raharaha ka tsy fantatra intsony.

**Mamy R.**

Fanokafana ireo faritra mitoka-monina

# Hiaraka hiasa amin'ny "Génie Militaire" ny minisitera hanatanterahana izany

Nambaran'ny minisitry ny Asa Vaventy, ny kôlônely Andrianatrehina Livah, nandritra ny fambolen-kazo notanterahin'ny mpiasa, teny Ampangabe, tamin'ny alakamisy teo fa hatao ny asa maika, mba tsy hisain'ny fahatapahan-dalana. Voakasik'izany ny RN-2 ; RN-4; RN-6 ; RN-7 … Hotohizina ihany koa ny asa goavana toy ny fanamboarana ny RN-13 sy ny RN-44. Mahakasika ny lalana simba eto an-drenivohitra dia hatomboka amin'ity herinandro ity ny asa ary kendrena ho vita ao anatin'ny 3 volana, hoy ny minisitra. Hamboarina ihany koa ireo lalan-dratsy any amin'ny renivohi-paritany sy ny renivohi-paritra. Ankoatra izay dia nomarihiny fa hosokafana ireo faritra mitoka-monina ka hiarahana amin'ny « Génie Militaire » ny fanatanterahana izany, taorian'ny fahazoana fankatoavana tamin'ny minisitry ny Fiarovam-pirenena. Ao anatin'ny ezaka hataon'ny minisitera ihany koa ny fanatsarana ny fomba fiasa eo anivon'ny fitaleavam-paritra. Raha iverenana ny fambolenkazo dia nisy 3 000 no natsatoka tamin'ny velaran-tany mirefy 1,5 ha, ahitana « frain » sy « acacia » ary zakarandahy. Ny fambolen-kazo tamin'ity taona ity izay tsiahivina fa nampitondraina ny lohahevitra hoe izay mamboly hazo mamelona aina. *«Tompon'antoka amin' ny fanapotehana ny tontolo iainana ny minisiteran'ny Asa Vaventy, noho ny fanapahana hazo sy ny fampiasana fitaovana vaventy, eo ampanamboarana ireny lalana samihafa ireny ny minisitera tantaniko ka rariny raha mandray anjara amin'ny fambolen-kazo* », hoy ny kôlônely Andrianatrehina Livah. Ny fambolen-kazo, hoy izy, dia tafiditra ao anatin'ny velirano faha-10 n'ny Filohan'ny Repoblika, ny hamerenana ho maitso an'i Madagasikara.



**Ny minisitry ny Asa Vaventy, nandritra ny fambolen-kazo.**

**V.R.**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Fanaka, debara, frigo, boky, TV, kiraro, vy, kilalao. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 486/10-10)

* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, lamba sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 494/20-3)

### COURS

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 495/5-1)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.84.866.77. (G-BA 493/6-4)

### VIDANGE

* Service vidange fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, réparation. Tél : 034.47.024.33 / 034.16.145.06. (G-BA 476/20-15)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 479/20-14)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 034.86.213.53. (G-BA 485/15-10)

* Vidange fosse, wc 101, wc gasy Makiplast, puisard, débouchage. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 490/15-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 491/6-5)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 491/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 491/6-5)

* Vidange wc & puisard, construct°, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 492/10-5)

Morarano-Chrome: Fakàna an-keriny

# Raikitra ny fifandonana, jiolahy 4 maty voatifitra

*Nahazo loharanom-baovao avy amin'ny olona tsara sitra-po ny mpitandro filaminana.*

Raikitra ny fifandonana teo amin'ireo mpitandro filaminana andaniny sy ireo jiolahy ankilany ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora alina tany Morarano-Chrome, distrikan'Amparafaravola. Vokany : efatra tamin'ireo olon-dratsy no maty vokatry ny tifitra nahazo azy ireo. Taorian'ny fakàna an-keriny olona telo izay niseho tany amin'ny fokontany Ambohimanarivo, tany Morarano Chrome ny 24 febroary lasa teo, dia nitohy ny hatrany ny fanadihadiana nataon'ny zandary sy ny fikarohana ireo olon-dratsy. Nahazo loharanom-baovao avy amin'ny olona tsara sitra-po izy ireo fa misy olona dimy voarohirohy amin'io resaka fakàna an-keriny io mizotra mianavaratra mankany Antetezantany. Raha vao naheno izany ireo mpitandro filaminana dia nidina ifotony sy nanao fisafoana. Nifankahatratra araka izany ny roa tonta ka nisy ny fifampitifirana teo amin'izy ireo tany amin'ny fokontany Maheriara, any Morarano Chrome, ao anatin'ny distrikan'Amparafaravola ihany, ary dia voatifitra tamin'izany ny efatra tamin-dry zalahy ireto, izay nitondra basy vita gasy roa. Ny namany iray kosa lasa nitsoaka nianatsimo nanararaotra ny haizina ka tafaporitsaka. Efa nentina namonjy hopitaly ireo voatifitra ireo saingy noho ny ratra nahazo azy dia tsy tana intsony ny ain'izy ireo nony tonga teny. Tsy nisy kosa ny naratra na namoy aina tamin' ireo mpitandro filaminana.

T.H

Toamasina

# Karàna iray maty voatifitra, vola 100 tapitrisa ariary voaroba

Nisehoan'ny fanafihan-jiolahy mitam-piadiana tany Toamasina afakomaly tokony ho tamin'ny 5 ora latsaka fahefany hariva. Teratany karàna iray tokony ho 37 taona no maty voatifitry ny jiolahy ary lasan-dry zalahy ihany koa ny kitapo nisy vola mitentina 100 tapitrisa ariary. Araka ny fanazavana azo dia teratany vahiny roa no nandeha fiara. Iny tsy nanampo na inona na inona iny ireto karàna ireto no sendra ireo olon-dratsy teny an-dalana. Jiolahy roa nitondra basy PA calibre 9 mm no nanafika azy ireo. Asa na efa nandrasan-dry zalahy kendry tohina fa nandalo lalan-dratsy ilay fiara ka voatery nandeha mora, ary tamin'io no nanararaotan'ireo jiolahy nanaovana ny asa ratsiny. Avy dia nambanany tamin'ny basy ilay karàna namily ny fiara ary dia notifirin'ny olon-dratsy mihitsy teo amin'ny lohany avy eo ka nitarika ny fahafatesany izany. Dia nalain-dry zalahy io kitapo nisy vola an-tapitrisany maro tany amin'izy ireo io ary lasa nitsoaka izy ireo rehefa azony izay nilainy. Nampandrenesina ny mpitandro filaminana taorian' izay ka tonga tany amin'ilay toerana nisehoan'ny fanafihana ary taim-bala iray no hitan'izy ireo teny. Efa naterina tany amin'ny tranompatin'ny hopitaly tany Toamasina ihany koa ny razana. Mitohy ny fanadihadiana sy fikarohana ireo jiolahy.

T.H

Talatan'Ampano - Fianarantsoa

# Fiara nitondra tanora mpamboly hazo nivadika, 1 maty 13 naratra mafy



Tsy namela irery azy ireto ny Minisitra ny Tanora sy Fanatanjahantena.

Tanora avy nanatanteraka ny fambolen-kazo izay nokarakarain'ny Fitaleavam-paritry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena ao Matsiatra Ambony no niharan'ny lozam-pifamoivoizana tao Talatan'Ampano, ny alahady 04 martsa 2023. 1 maty ary 13 tamin'izy ireo no naratra mafy vokatr'izany ka nalefa tany amin'ny hopitaly Tambohobe Fianarantsoa. Tsy niandry ela fa nidina any an-toerana ny Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena, Atoa André Haja Resampa sy ny Minisitry ny Tontolo iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy, Rtoa Vina Marie-Orléa, nandray ny andraikitra sy nitondra fanampiana ho an' ireto niharam-boina.Tamin'ny anaran'izy mianadahy ireto no nanolorana izany avy amin'ny fitondram-panjakana, ka ny Minisiteran'ny Fahasalamana no miantoka tanteraka ny saran'ny fitsaboana sy fitiliana ireo any amin'ny hopitaly. Marihina fa tanora avy nanatanteraka ny fambolean-kazo, nokarakarain'ny Fitaleavam-paritry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena Matsiatra Ambony tao Talatan'Ampano izy ireo. Nivadika ilay fiara noho ny fandehanana mafy. Ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena sy ny eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamana, misolo tena ny Fitondram-panjakana dia manolotra fisaorana mitafotafo ho an'ireo mpiasan'ny fahasalamana sy ny manampahefana, toy ny governora, solombavambahoaka, préfet, tamin'ny fandraisana antanana sy fikarakarana ireo tanora amin'ny fitsaboana azy ireo ao amin'ny CHU Tambohobe Fianarantsoa. Mirary fahasalamana sy fahasitranana haingana ho an'ireo manaraka fitsaboana moa ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena.

Rabenaivo

Ankazobe

# Lehilahy telo andro tsy hita, maty an-drano

Lehilahy iray tokony ho 28 taona no hita faty tao amin'ny reniranon'Anjomoko, any amin'ny toerana antsoina hoe Ambalamanga, any amin'ny kaominina Miantso, any amin'ny distrikan'Ankazobe, afakomaly tokony ho tamin'ny 8 ora maraina. Tsy nahitana ratra ivelany tamin'ny vatany tamin'ny fotoana nahitan'ny nanatri-maso ny razana. Olona tany an-toerana no gaga raha nahita ny razana nihohoka teny afovoan-drano. Nifampilaza ny rehetra ka vory lanona ny fokonolona. Nampandrenesina araka izany ihany koa ny zandary tany an-toerana ka tonga nidina ifotony. Tonga niaraka tamin'izy ireo tany ihany koa ny dokotera avy ao amin'ny CSBII Miantso. Nampiakarina an-tanety ny razana taorian'izay. Efa tonga tany an-toerana ihany koa ny fianakaviany raha naheno mikasika ity faty hita ity. Araka ny fanazavana azo dia efa ny alarobia lasa teo no nanomboka tsy hita izay nalehan'ity lehilahy ity raha niala tao an-tranony tamin'io andro io tokony ho tamin'ny 7 ora maraina. Efa nokarohina izy nandritra izay telo andro izay fa tsy nahitam-bokany izany ary dia izao ny fatiny izao sisa no novantanin'ny fianakaviany. Tsy nisy zavatra very tany aminy nandritra izany. Araka ny fantatra dia tokantena ary manan-janaka iray ity lehilahy ity, mipetraka any Ambatomitsangana kaominina Ampanotokana eny amin'ny distrikan'Ambohidratrimo izy. Efa natolotra ny fianakaviany ny razana taorian'ny fizahana natao.

T.H

## Tatsy sy taroa

**# Fiara roa sy môtô iray no nidofotra, olona iray naratra mafy.** Io no vokatry ny lozam-pifamoivozana niseho teny Ankorondrano omaly vao maraina tokony ho tamin'ny 4 ora. Araka ny fantatra dia fiara taxi iray sy môtô aloha no nifandona. Rehefa nifampiresaka tamin'ny sisiny ny roa tonta no nandeha mafy avy any ka nidofotra tamin'ireo indray ny fiara mazda iray hafa. Tafainga teo anelanelan'ireo fiara roa ireo mihitsy ilay môtô ka olona iray teo no naratra mafy. Nahitana fahasimbana goavana avokoa ireo fitaovam-pitaterana telo ireo.

**# Sarona niaraka tamin'ireo entana nangalariny** ilay lehilahy teny amin'ny sampanana teny Soanierana mankany Namontana iny ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 3 ora maraina. Roa lahy izy ireo no hitan'ny polisy mandeha amin'iny lalam-by iny mitondra varavaram-be vy roa sy varavarankely efatra, micros efatra , seza plastika fito ary fils maromaro. Nitsoaka avy hatrany ry zalahy raha vao nahatazana polisy saingy tratra ihany ny iray avy eo fa ilay iray hafa no tafatsoaka. Rehefa natolotra ny fampanoavana dia naiditra am-ponja vonjimaika.

T.H


**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 970 - 03 - 23
Isan'ny natonta : 25 000


Nahandro

## Sozaha atao baolina

**Zavatra ilaina :** sozaha masaka voatoto roa kaopy, vary masaka iray kaopy, kikimofo iray kaopy, tongolo maitso fehezany iray, voatetika. Tongolo gasy hasiny efatra. Selery voatetika madinika antsasaky ny sotro, sira izay ilaina.


**Fomba fikarakarana azy :** afangaro daholo ny rehetra dia bolabolaina atao baolina. Hosorana menaka ny takelaka vy iray. Apetraka eo tsirairay ny baolina. Andrahoina anaty lafaoro eo amin'ny adiny iray latsaka fahefany eo. Azo aroso avy hatrany avy eo.

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

Kamo




## Hatsikana an-tsary

Mitsako




## Masoandro Miposaka

**1 Korintiana 4 : 5**


Koa amin'izany aza mitsara na inona na inona alohan'ny fotoana, dia ny fihavian'ny Tompo, Izay hampiharihary ny zavatra takona ao amin'ny maizina ka hampiseho ny fikasan'ny fo; dia samy hahazo izay derany avy amin'Andriamanitra izy rehetra.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Botry avana hoatra ny harongan-kely.**

Rester rabougri quand même on est sarclé, comme le petit " harongana ".

*C'est une plante dont on fait des remèdes contre la dysenterie et la gale.*

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2896

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 8 | 9 | | 1 | 7 | | 6 | |
| | | | | | 4 | | 9 | |
| | | | | 2 | | 1 | | |
| | 6 | | 7 | | 5 | | | |
| 5 | | | 4 | | | | | 3 |
| 7 | | | | 9 | | | | 1 |
| | | 6 | | | | | 8 | 5 |
| 1 | | 4 | | | | 3 | | 6 |
| | | | | | | | | |

Valin'ny laharana 2895

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | 7 | 1 | 9 | 5 | 2 | 3 | 4 | 8 |
| 4 | 5 | 9 | 3 | 8 | 7 | 6 | 2 | 1 |
| 2 | 3 | 8 | 4 | 1 | 6 | 5 | 7 | 9 |
| 7 | 9 | 5 | 1 | 2 | 3 | 4 | 8 | 6 |
| 3 | 6 | 2 | 8 | 7 | 4 | 9 | 1 | 5 |
| 1 | 8 | 4 | 6 | 9 | 5 | 7 | 3 | 2 |
| 8 | 1 | 7 | 5 | 4 | 9 | 2 | 6 | 3 |
| 5 | 4 | 6 | 2 | 3 | 8 | 1 | 9 | 7 |
| 9 | 2 | 3 | 7 | 6 | 1 | 8 | 5 | 4 |

CAN 2024

# Nandà tsy hilalao amin'ny Barea de Madagascar i Anicet "Abel"

Nisy fiantraikany tamin'i Anicet Andrianantenaina "Abel" sy ny fianakaviany ny fanaratsiana azy tamin'ny fitaovan-tserasera, mikasika ny niantsoan'ny mpanazatra Nicolas Dupuis ny tenany, hanatevin-daharana indray ny Barea de Madagascar amin'ny lalao fifanintsanana CAN 2024, hatao any Côte d'Ivoire, izay hifanandrinan'ny Barea de Madagascar amin'ny ekipan'ny " Les Fauves"-n'ny Republique Centrafricaine amin'ity volana martsa 2023 ity, ka nanapakevitra tsy hiaro ny voninahipirenena izy. Ankoatra an'i Abel dia voakiana sy voasoketa avokoa ny ankamaroan'ireo mpilalao efa nahazoazo taona, nantsoina hiatrika an'ity lalao fifanintsanana ity. Efa nampoizina mihitsy ny hisian'ny fisintomana lakolosy toy izao, satria efa mahazatra ny mpanaraka baolina kitra sasany ny manakiana. Ilaina tsiahivina etoana ve ny nanjo ny mpilalao sasany sy ny mpanazatra, nialoha ny niatrehana ny CAN 2019 tany Egypta lasa teo iny. Fanakiviana, ompa, ozona.... nianjady tamin'ny ekipampirenena kanefa dia niarahanahita ny vokatra azo. Manoloana ny trangan-javatra tahaka izao dia tokony ho mafy fisainana hatrany ny mpilalao. Matoa nantsoin'ny mpanazatra ny mpilalao dia izy no tompon'ny teny farany amin'ny fanapahan-kevitra raisiny.



**Hentitra ny fanapahan-kevitra noraisiny !**

aris rafaly

Kitra - AGO Federasiona

# Delegasiona mafonja avy amin'ny FIFA, CAF ary COSAFA no nanatrika ny fivoriany

Tontosa ny faran'ny herinandro teo tany Mantasoa ny fivoriambe fanao ara-potoana ho an'ny Federasiona Malagasin'ny baolina kitra. Delegasiona mafonja avy amin'ny FiFA, nahitana an'Ingahy Amed Harraz sy Sanda Rasoamahenina, ary ny avy amin'ny COSAFA, notarihin'ny filohany, Ali Said sy ny filoha lefitra, Issoufo Idrissa filoha, niampy solontenan'ny CAF no nanatrika sy nanara-maso izany, sambany amin'ny tantara no maro toy izao no manatrika AGO raha ny fifidianana nisy hatramin' izay. Nizotra ara-dalàna ary tsy nisy olana izany ka afa-po ny vahiny. Nohamafisin'Ingahy Ali Said, fa hatao filamatra ho an'ireo mpikambana anatin'ny COSAFA i Madagasikara. Nambaran'ny filohan'ny FMF, Andrianony Victorien, fa fivoriana ara-potoana voalohany sady farany iny tao anatin'ny 4 taona nitantananay. Niarahanahalala ny antony, hoy izy. Ankoatra ny fampandaniana ireo fandaharan'asa, nivohitra tamin'ity AGO ity ny fanatanterahana ny fifidianana FMF, izay kasaina hatao amin'ny septambra 2023. Tafatsangana tamin'izany ny komity hikarakara ny fifidianana sy ny "commission de recours" , izay samy ahitana mpikambana 5, ka izy ireo no hifidy ny filohany. Izy ireto ihany koa no hametraka ireo tetiandro rehetra, hiainga amin'ny klioba, seksiona, ligy ary ny federasiona. Mahakasika izay hatrany, hijanona ho 22 ihany aloha ny ligim-paritra, satria mbola mila manova « statut » raha hampiakatra 23, ary amin'ny fivoriambe tsy ara-potoana no handaniana azy. Mahakasika ny FMF, tsy mbola miverina ara-dalàna ny fanampia'ny FIFA sy CAF, hoy hatrany ity filoha ity. Nampatsiahiviny fa resaka fitantanana no antony ary andrasan'izy ireo. Mahakasika ny fifidianana hatrany, azo antoka fa hilamina sy hangarahara ary hoeken'ny maro, hoy hatrany Andrianony Victorien, raha ny zava-nisy tany Mantasoa . Hatreto dia mbola tsy nilaza na hirotsaka na tsia, amin'ny fifidianana izy, ary nanamafy fa ny filatsahana ho filoha dia adidy sy andraikitra fa tsy entanin'ny fo fotsiny.

Rabenaivo



**Ireo vahiny miaraka amin'ny komity mpanatanteraka ny FMF.**

Rugby - Tompondaka TOP 20

# Resin'ny Mang'Art tamin'ny mokafohy 40 no ho 39 ny UASC

Nizotra tsy misy tomika ny andro faharoa tamin'ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara 2023 tamin' ny taranja rugby, teo amin'ny « TOP 20 », omaly, teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka. Nanamarika ny fihaonana ny nandavoan'ny Mang'Art Manjakaray ny ekipan'ny Besetroka (Union Amicale et Sportive de Chéminots) tamin'ny isa 40 no ho 39. Na dia nisy aza ny faharesena tamin'ny mokafohy dia tontosa soa aman-tsara hatramin'ny farany ny lalao. Ankoatra an'izay dia azo lazaina fa ny fihaonana teo amin'ny USCAR sy ny 3 FAI Ambalavao Isotry irery ihany no nifanalavitra ny isa nisarahana. Nampiondrehan'ny ekipan'ny kaominina tamin' ny isa 31 no ho 19 ny mpifanandrina taminy. Nifanetihety ihany koa ny isa nisarahana teo amin'ny lalao roa hafa. Lavon'ny Savonnérie Tropicale tamin'ny isa 13 no ho 10 ny ekipan'ny XV Avenir Andoha-tapenaka. Elanelan' isa dimy kosa no nisarahan'ny Boaikelimanohitra (TFMA Ankasina) sy ny Pilokely, ka ny TFMA no nandresy ny TFA tamin'ny isa 19 no ho 14. Mba nifanahantsahana ny fihaonana tamin'ity andro faharoa ity fa tsy nisy nihoatra ny 100 ny tarehi-marika.

a.r

Basket - " Alley Hoop 2K23 "

# Nandray anjara mavitrika ny mpanao gazety vehivavy sy ny mpitsara lalao

Tsy very anjara tamin'ny "Alley Hoop 2K23" ny vehivavy mpanao gazety sy ny mpitsara lalao fa nasain'ny mpikarakara ny fifaninanana nifampitsapa hery, tao amin' ny lapan'ny fanatanjahantena sy ny kolontsaina Mahamasina, omaly. Lavon'ny mpikiririoka tamin'ny isa 7 no ho 4 ny mpikirakira vaovao, nahitana an-dry Kanto / Lova / Sandy / Vola / Mamitina / Cathia, nanoloana an-dry Nanah sy Jemima ary Eldah sy Nilam, izay nanantombo tamin'ny tanjaka ara-batana fa ny fahaiza-manao mifanahantsahana ihany. Tratra aorian'ny lalao famaranana "U17/23 - Senior" vao nanomboka ka ialana tsiny raha tsy mbola teo am-pelatanana ny voka-dalao, nandritra ny fotoana nanaovana ny lahatsoratra. Azo ambara fa fahombiazana tanteraka no azon'ny RDJ sy ny FMBB, izay niara-nisalahy tamin'ny fikarakarana ny fifaninanana.

a.r



**Nanjaka ny "firahavaviana" teo amin'ny mpifanandrina ! (Sary : a.r)**


TRIBUNAL DE PREMIERE
INSTANCE D'ANTSIRABE
N°889 du 24 août 2022 .
JUGEMENT CIVIL-
Nature : PRESCRIPTION ACQUISITIVE - SAMOELISON Joseph
Contre
- RAKOTOARIVONY
DOS N° 1545/RG/21/LT

Siégeait : Monsieur ANDRIAMISAMANANA Tsiry Nambinina, Juge près du Tribunal de Première Instance d'Antsirabe, - PRESIDENT-
Assisté de Me RAKOTOMANGA Harinirina Finaritra, Greffier tenant la plume ;
AUDIENCE PUBLIQUE CIVILE DU MERCREDI VINGT QUATRE AOUT DEUX MIL VINGT DEUX :
Le Tribunal de Première Instance d'Antsirabe, statuant publiquement, contradictoirement en matière civile et en premier ressort, en la salle ordinaire de ses audiences ;
A rendu le jugement suivant ;
ENTRE / SAMOELISON Joseph, demeurant au Lot 0716.C.85 Tsinjorano; REQUERANT, comparant en personne ; D'une part ;
ET, RAKOTOARIVONY, sans adresse connue ;
REQUIS, non comparant et non concluant;
D'autre part ;

PAR CES MOTIFS
Statuant publiquement, contradictoirement à l'égard du requérant en matière civile, et en premier ressort :
Réputé contradictoirement à l'égard de RAKOTOARIVONY; Vidant le jugement ADD n° 405 du 20 avril 2022 ;
En la forme :
Déclare la demande régulière et recevable; Au fond :
- Constate la mise en valeur effective et durable par SAMO
ELSON Joseph le terrain d'une contenance 1HA 12A OOCA, de la parcelle n° 175 registre 01 F 81 de la section BE dite SAHATSIO Antsirabé;
- Déclare SAMUELSON Joseph, propriétaire par voie de prescription acquisitive d'une superficie de la propriété susdite précisée dans le PLAN annexé à la demande ;
- Ordonne l'inscription des droits du prescrivant par le Conservateur sur les livres fonciers et ordonne la mutation desdites parcelles à son nom;
- Laisse les frais de l'instance à la
charge du requérant ;
Ainsi jugé et prononcé en audience publique civile tenue les, jour, mois et an que dessus ;
Et la minute du présent jugement a été signée par le Président et le Greffier. /.
Le Président le Greffier
SUIVENT LES SIGNATURES
- SUIT LA MENTION D'ENREGISTREMENT
DF : Ar 4.000 Enregistré à la Recette du Centre Fiscal ANTSIRABE Le 28 septembre 2022
Droit d'enregistrement F° 34 N°13 Vol AD /23 Bord 297/011 Reçu : Quatre mille ariary
Le Receveur (signé)
RANORONIAINA Dina Claudia
Inspecteur des impôts
POUR EXPEDITION CERTIFIEE CONFORME
Antsirabe le,, 09 NOV 2022
LE GREFFIER EN CHEF
G-CL 449/1-1



TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Toliara

# Miakatra ny reniranon'i Fiherena, dibo-drano ny tanàna

*Dibo-drano tanteraka ny ao amin'ny fokontanin'Ambohitse.*




**Toy izao ny fikaran'ny rano any amin'ny Epp Ambahikily.**

Milona ao anaty rano ny ankamaroan'ny mponina ao Toliara nanomboka ny faran' ny herinandro teo noho ny fiavian'ny orambe. Miakatra ny reninranon'i Fiherena, tranga tsy fahita firy. Ho an' ireo olona efa nandalo teo amin'ity tetezana ity dia samy nahita fa fasika no ambaniny. Amin'izao anefa dia ranobe. Araka ny loharanom-baovao azonay dia miakatra tsikelikely ny rano eo amin'ny tetezan'i Fiherena nanomboka omaly tamin'ny 5 ora maraina. Tamin'io ora io dia nirefy 1,70m ny haavon' ny rano eo ambany tetezana. Raha ho an'ny fiakaran'ny rano ao Toliara dia dibo-drano tanteraka ny ao amin' ny fokontanin'Ambohitse amin'iny ambadiky ny hotelin' i Zidane iny, izay faritra iva. Miantso vonjy ny fokonolona satria efa eny am-balahana ny rano ary efa tafiditra an-trano . Lakana no ifamezivezen'ny olona eo an-tanàna. Tsy ny ao Toliara ihany no dibo-drano vokatry ny orambe entin'ny rivodoza Freddy fa hatrany amin'ny kaominina ambanivohitra Ambahikily sy hatrany Morombe. Marobe ny olona voatery nifindra toeramponenana aloha mba hisorohana ny loza mety hitranga. Tsy maintsy namonjy ny toerana avo avokoa ireo mponina nipetraka tamin'ny toerana iva, raha ny vaovao nozarain'ny ben'ny tanàna Hery any Morombe. Tsy ho afaka hianatra aloha ny mpianatra any an-toerana mandra-pihenan'ny rano, satria hatramin'ny sekoly aza feno rano. Na eo aza ny orambe dia faly kosa ny tantsaha mpamboly noho ny fisian'ny rano ho an'ny fambolena.

**Heriniaina A.**

Mananjary

# Misy traboina tsy mbola nahazo fanampiana

Mitaraina ireo traboina sasany tsy mbola nahazo fanampiana avy amin'ny fitondram-panjakana. *"Andraso andraso lava no lazaina aminay kanefa dia efa nandritra ny herinandro mahery izao no nifindra ato amin'ny Epp Tanambao avaratra izahay. Tsy mba voajery izahay kanefa dia misy olona vao avy natao fandidiana sy efa zokiolona nipetraka tao amin'io efitranon-tsekoly niendaka tafo io"*, hoy ny solontenan' ny traboina, izay efa samy nalefa nody, tao amin'ny Epp Tanambao avaratra any Manajary taminay. Niandry ny fotoana mba hahazoana fanampiana avy amin'ny fitondram-panjakana ireto olona marefo ara-pivelomana ireto saingy tsy nisy izany hatramin'izao ora anoratanay an'ity lahatsoratra ity. Olona eo amin'ny 200 eo no nipetraka tao amin'ity sekolim-panjakana ity saingy efa naparitaka izy ireo amin'izao fotoana izao. *"Indray mandeha ihany no mba nahazo vary masaka natao sakafo hariva izahay. Taorian'izay dia tsy nisy fanampiana mba azonay intsony"*, hoy kosa ny havan'ny olona manana ireo zokiolona. Raha ny fantatra dia vary 2 zinga avy amin'ny "Fondation Siteny" ao Mananjary no mba nositrahin'ireto traboina ireto. Efa tapitra tanteraka ny fanomezana sy fizarana fanampiana an'ireo traboina tao Mananjary, araka ny loharanom-baovao voarainay, ankoatra ny vary tsinjo indroa isan-kerinandro izay nagatahin'ny vahoaka tamin'ny fandalovan'ny Filoham-pirenena tany antoerana.

**HAR**

"Espace Jeune Entrepreneur"

# Roa andro hanomezana sehatra ireo tanora



**Misarika ireo tanora hirotsaka ao anatin'ny tontolon'ny fandraharahana ireo mpiara-miombona antoka.**

Hotanterahina ny 10 sy 11 martsa ho avy izao, ao amin' ny Carlton Anosy, ny "Espace Jeune Entrepreneur", andiany faha-11. Hosokafana ho an'ireo tanora mpandraharaha te hampiroborobo ny asa aman-draharahany ny andro voalohany. Natokana ho an'ireo tanora sy mpianatra manana fanirina hiditra ao anatin'ny tontolon'ny fandraharahana kosa ny andro faharoa. Olona eo amin'ny 1 000 sy mpisehatra eo amin' ny fandraharahana maherin' ny 50 no andrasana ho avy raha toa ka teo amin'ny 500 no tratra tamin'ny andiany faha-10. "Fandraharahana, safidim-piainana" no lohahevitra hitondrana ity hetsika ity, koa hisy ny fanatanterahana famelebelaran-kevitra sy atrikasa ary fifampizarana traikefa sy fahaiza-manao. Natao eo ambany fiahian'ny minisiteran'ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra ary ny fanjifana ny fanatanterahana ity hetsika ity, ary misy fiaraha-miasa eo amin' ny Fandaharanasan'ny firenena mikambana misahana ny fampandrosoana, na ny PNUD, sy ny CEERE (Club Entrepreneurs Etudiants du Rendez-vous des Entrepreneurs), ary mpiara-miombona antoka maro samihafa eo amin'ity sehatra ity.

**R. Muray**

Rivodoza Freddy

# Namono zaza iray, 2 301 ireo traboina

Anio ny rivodoza Freddy no mikasika ny faritra Atsimo Andrefana, raha ny vinan'ny toetry ny andro navoakan'ny Météo. Feno ny fepetra maha rivodoza azy ary raha ny vinavina dia ny masony na ny vatany no hikasika ny morontsiraka atsimo andrefana. Vokatr'izay rivodoza Freddy izay hatrany, zaza herintaona no maty nihotsahan'ny trano tany Andranovory, fokontany Anjabaky. Olona 2301 avy amin'ny fianakaviana 576 kosa no traboina noho ny oram-be. Faritra roa dia i Morombe sy Atsimo Andrefana no tena mitondra faisana noho ny habetsaky ny rotsak'orana entin'ilay rivodoza Freddy. Nisy 362 ireo olona tsy maintsy nafindra trano tao Toliara sy Morombe. Trano 210 no dibo-drano ary trano iray rava. Nisy ihany koa ireo lalana tapaka any amin'iny faritra iny ary efitrano fianarana 16 no nahitana fahasimbana. Efa namoaka fanambarana ny Dren Atsimo Andrefana sy Dren Menabe fa miato ny fampianarana ao amin'ny Cisco mandrafitra ireo Dren roa ireo ka anisan'izany ny distrikan'i Toliara I, Toliara II, Betioky, Morombe, Ankazoabo, Beroroha, Sakaraha, Benenitra, Ampanihy sy ny any amin'ny faritra Menabe dia i Morondava, Miandrivazo, Mahabo, Belo sur Tsiribihina, Manja manomboka ny alatsinainy 06 martsa 2023. Miankina betsaka amin'ny fivoaran'ny toetrandro ny fiverenana an-tsekoly.

**Nath/Heriniaina A.**

FIZAFAMA

# Mitaky ny hahazoan'i Manambondro distrika



**Nandritra ny fifampiarahaban'i FIZAMAMA tetsy Betongolo omaly. (Sary : Niry R.)**

58 km miala an'i Vangaindrano. Mahatsiaro tena ho toy ny zanak'Ikalahafa ireo kaominina any an-kodahoda, ao amin'ny faritra Manambondro, ka mitaky ny hametrahana disitrika. Nanamafisan'ireo mpikambana ao anatin'ny ny FIZAFAMA (FIkambanan'ny Zanaka Ampielezan'ny FAritra MAnambondro) ivondronan'ireo valo kaominina : Amparihy Est, Sandravinany, Fenoambany, Manambondro, Vohimalaza, Marokibo, Mahabe, Sahara ny fitakiana distrika manampy an'i Vangaindrano nandritra ny fifampiarahabana tratry ny taona nataon'izy ireo tetsy amin'ny Cercle Mess Betongolo omaly. Mahatratra 32 be izao ny kaominina mandrafitra ny distrikan'i Vangaindrano amin'izao. *"Mavesatra ho an'ity distrika ity izany, ka lasa misy zanak'Ikalahafa ireo kaominina any an-kodahoda. Manjaka ny dahalo any Amparihy Est. Amboarina ny RN2A amin'izao kanefa kaominina telo ihany no voakasika, tsy azo ampiasaina intsony ireo lalana (route intercommunale) amin'ireo kaominina dimy. Nandeha ny rivodoza nifanesy fa toa tsy mba nahazo fanampiana avy amin'ny fanjakana izahay. Nisy ny valan'aretina nandripaka olona fa tsy nisy nijery izahay."* hoy ny fitarainan'Atoa Rajaonarison Guy Désiré, Filohan'ny fikambanana FIZAMAMA nanamafy ny fangatahana distrika.

**Niry R.**

Siratany

# Manana tahiry 80 km any atsimo i Madagasikara

Manana velarana tahirintsiratany 80 km isika eto Madagasikara any amoron'i Onilahy, any atsimon'ny nosy iny. Izany no antony nananganana ny orinasa "Sel Gemme Madagasacr" izay mitrandraka sy mamokatra ny siratany malagasy. *"Marobe ireo tombotsoa azo avy amin'ny siratany eo amin'ny lafiny ara-pahasalamana. Samy hafa ny siratany sy ny sira an-dranomasina. Ny "sel marin" indray dia alaina amin'ny ranomasina ary hamainina amin'ny masoandro. Ny siratany dia ao ambanin'ny tany nahitana ranomasina tamin'izany fotoana, saingy maina ka nivaingana tao ambanin'ny tany. 70 km miala ny ranomasina any atsimon'i Madagasikara, mahazo an'i Onilahy, dia ahitana velaran-tany 80 km eo, ary sira avokoa no ao ambaniny ao* », hoy Atoa Tahina Rabemanantsoa, mpitantanana ny "Sel Gemme de Madagascar". Fikambanan'ny injeniera sy dokotera, mpikaroka amin' ny fitsaboana nentim-paharazana no nangana an'io orinasa io.

**Tombontsoa**

Nanome fanazavana moa ny tomponandraikitry ny famokarana siratany eto Madagasikara fa ny *tombontsoa azo avy amin'ny siratany dia manala ny sakana ao anatin'ny lalan-drà. Tamin'ny alalan'ny analizy atao tamin'ny laboratoara avokoa no nahitana sy nahafantarana an'izany. Manampy be dia be amin'ny fahasalamana izy noho ny « vertu » ao aminy. Tsy fanafody izy fa manampy be dia be amin'ny fikorianan'ny rà. Ny lalan-drà ihany ny azy no sorohiny tsy ho tapaka. Izay no tombontsoa amin'ny fihinanana sy fampiasana ny siratany"*. Nomarihan'ny "Sel Gemme de Mdagascar" fa haren'i Madagasikara ny fananana an'io siratany any atsimo io sy koa amin'ny Faritra hafa eto amintsika. Na izany aza tsy mitovy ny tombontsoa entin'ny siratany amin'ny toerana samy hafa eto amintsika. Ny fitsirihana azy ireny amin'ny laboratoara no ahafahana mamaritra ny tombontsoa entiny.

**HAR**